FIKAMBANAM-PIRENEN' NY MPITSABO NENTI-PAHARAZANA ETO MADAGASIKARA/ ASSOCIATION NATIONALE DES TRADIPRATICIENS DE MADAGASCAR(ANTM/ FMNPM)

SYMPOSIUM sur LA BIODIVERSITE et la SANTE

MAHAJANGA 18 au 20 Novembre 2021

HIARAKA HANDRAY ANDRAIKITRA ISIKA HIARO NY VOAHARY HO AN'NY FAHASALAMANTSIKA

Mpanolotra: Filohan'ny ANTM ANDRIANDRAINARIVO Joséphin Rasamivelona

Drafitra

- Ny voahary
- Ny fahasalamana sy ny tontolo iainana
- Ny ny tontolo iainana sy ny fitsaboana nentim-paharazana
- Zava-misy
- Soso-kevitra
- Ny andraikitrkiny mpitsabo nentim-paharazana ho fiarovana ny zava-manana aina
- Fehiny

NY VOAHARY

- Ny voahary dia izay rehetra nohariana mandrafitra izao tontolo hita maso izao ka ahafahan’ny zava-manan’aina mivelona sy miriaria dia:
- Ny zava- maniry
- Ny biby
- Ny olombelona

Ny zava-maniry

- Ny zava-maniry dia isan’ny zava- manan’ aina manana ny toerany izay heverina fa lehibe indrindra satria raha tsy nisy ny zava-maniry dia tsy misy antony no isian’ny zava-manan’ aina hafa eto amin’ ity planeta misy antsika ity
- Manadio ny rivotra iainana
- Mitahiry ny rano ao ambanin’ny tany
- Mandrindra ny firotsahan’ny orana
- Mametra ny fiakaran’ny mari-pana
- Mandamina ny toetr’andro

- Fialofana sy fonenana ho an’ny zava-manan’ aina hafa toy ny biby
- Sakafo sy fanafody

Ny biby

- Ny fisokajiana ara-tsiantifika dia mizara ny biby ho toy izao



Ny biby

- Manana ny anjara asany eo amin’ny fandehanan’ny fiainana eto amin’ ity planeta ity izy ireo
- Mitahiry sy mamelona ny tsiron’ny tany
- Mandray anjara amin’ny antsoina hoe faribolan’ny fiainana(cycle de la vie)
- Miaro sy mamelona
- Namana

Ny olombelona

- Amin’ny tantaran’ny fiforonana, ny olombelona dia faralahin’ny fahariana izy kanefa manana fahefana hanjaka amin’ny zava-manan’ aina izay hary teo alohany
- Miavaka amin’ireo zava-manan’ aina rehetra satria manana ny fahafahana mandinika sy mamorona hany ka afaka mampivoatra ny tontolo misy azy
- Kanefa dia izy no fototra manimba ny zava-boahary sy ny tontolo iainana amin’ny ankapobeny amin’ny alalan’ny fikarohana sy ny filàna tafahoatra tsy misy arofanina

NY FAHASALAMANA SY NY TONTOLO IAINANA

Ny fahasalamana sy ny tontolo iainana

- Mifampiankina tanteraka ary tsy azo sarahana
- Amin’ny maha zava- manan’ aina ny olombelona dia tsy afaka miaina sy mivelatra tsy ao anaty tontolo voajanahary izy
- Fototra 7 no ifotoran’ny fahasalamana

Ny fahasalamana sy ny tontolo ianana

- Ny rivotra izay ny zava-maniry no manadio azy mba ho azon’ny rehetra iainana sy ampiasaina
- Ny rano izay manome aina sy itoeran’ny aina
- Ny sakafo izay manome ny hery fiasana sy hery fiarovana (zava-maniry sy biby fihinana)
- ny tara-masoandro ampy sy sahaza

Ny fahasalamana sy ny tontolo ianana

Ny fialan-tsasatra

- Ny fampiasam-batana antonona
- Ny ara-panahy

- zay tsy tanteraka anaty tontolo iainana simba sy tsy tomombana

NY TONTOLO IAINANA SY NY FITSABOANA NENTIM-PAHARAZANA

Inona moa ny Fitsaboana Nentim-paharazana?

- fitambaram-ben’ny fahalàna
- natao hizahana
- natao hiarovana na
- hisorohana;
- natao hitsaboana na
- hanamaivanana ny fanaintainana
- fanasitranana

- izay mifototra amin’ireo traikefa efa fampihàtra avy amin’ny fandinihina lalina ifandovàn’ny taranaka mifandimby araky ny lovantsofina, am-bava na an-tsoratra.

Ireo antsoina hoe mpitsabo nentim-paharazana

- Olona manana fanomezam-pahasoavana manokana amin’ny fitsaboana voalaza amin’ny famaritana teo aloha
- ny Mpanotra izay misy karazam-pomba sy fitaovana maromaro koa eto amintsika
- ny Renin-jaza na ireo Mpampiteraka amin’ny fomba Nentim-paharazana
- ireo mpanao didimpoitra na Mpamora Zaza
- ireo Mpahay zava-maniry fanao fanafody
- ireo Mpahay fanafody amin’ny Zava-maniry
- ireo Mpanao ody may,
- Sns, ,,,

- Ny fitsaboana nentim-paharazana dia mifototra amin’ny fampiasana ny fahalalana ny tontolo manodidina ny olombelona



ANTM/ FMNPM

- Fikambanana mijoro ara-dàlana miara-miasa akaiky amin’ny Ministeran’ny fahasalamam-bahoaka sy ireo hafa misahana an’ireo sehatra voakasika ny asany, toy ny misahana ny tontolo iainana, ny kolontsaina, sns,
- Fehezan-dalàna 2011-002 tamin’ny 15 Jolay 2011
- Didim-panjakana 2016-0122 tamin’ny23 Febroary 2016
- Lalàna 2013-017 tamin’ny 12 Desambra 2013
- Lalàna 2021-019 tamin’ny 0 Jolay 2021
- Didim-panjakana 2017-066 tamin’ny 01 Janoary 2017
- Didy hitsivolana 60-133 tamin’ny 03 Oktobra 1960 (and.6)

ZAVA-MISY ANKEHITRINY

Zava-misy ankehitriny

- Mihasimba ny tontolo
- Miharingana ireo zava-manan’ aina
- Miakatra ny marim-patana
- Simba ny tany
- Mihena ny tahirin-drano any ambanin’ny tany sy anaty ala
- Mitombo ny aretina ary miforona ny aretina mahery vaika mbola tsy fahita hatrizay

Ho an’ny mpitsabo nentim-paharazana

- Mihasarotra ny mahita ireo akora sy singa entina manohy ny asa fanao andavan’andro
- Mihalafo sy mihasarotra ny fitsaboana noho ireo akora miharingana
- Miteraka fikorontanana ara-tsosialy sy ara-kolontsaina eo amin’ny fiainan’ny fiaraha-monina
- Mbola mahatsiaro ho voahilika na tsy anisan’ny heverina ho mpiantsehatra amin’ny fiarovana ny tontolo iainana ny mpitsabo nentim-paharazana mikasika ireo tetik’asa samihafa.

SOSO-KEVITRA

Soso-kevitra

- Fiaraha-mientan’ny isan’ambaratonga rehetra tsy misy ankanavaka amin’ny fampanjariana ny tontolo iainana
- Hampiharina ny lalàna ho an’ireo tratra mitrandraka tsy ara-dalàna ny ala sy ireo mpanao doro tanety
- Tokony hisy mpaik’adim-pirenena mazava handraisan’ny rehetra anjara amin’ny andavan’andro ho fiarovana ny tontolo iainana
- Ho an’ireo efa ho lany tamingana: hamafisana ny fanangonana zanany na voany ka volena amina faritra arovana misy tompon’ andraikitra misahana isan’ androha

- Hamafisina ny fiaraha-miasa amin’ireo raiamandreny ara-drazana manerana ny nosy amin’ny fiarovana ny ala sy ny zavaboary amin’ny faritra misy azy avy
- Tohizana ny fanabeazana ny ankizy eny na lehibe koa ary fa mandrora mitsilany isika manimba ny ala sy mamono biby

Anjara birikin’ny mpitsabo nentim-paharazana

- Araka ny sata mifehy azy dia:
- 5.5.Manao ny fanisàna ireo zava-maniry fanao fanafody ary ny fampiasana azy arak’ireo fiantsoana azy isam-paritra
- 5.6.Miasa ho amin’ny fanatsarana ireo fanafody nentim-paharazana miaraka amin’ireo fikambanana mahefa ara-teknika;
- 5.9. Manome soso-kevitra an’ireo Mpitondra mahefa ny amin’ny fepetra mahomby enti-manatsara ny fahasalamam-bahoaka

- 5.11.Mandray anjara amin’ny fiarovana ny tontolo iainana,araka ny lalam-pirenena mifehy ny ala, indrindra mikasika ny fanapahana sy fiotazana ny zavamaniry fanao fanafody ,ka manaitra ny mpitondra ara-politika sy ara-panjakana;
- 5.12.Mamporisika ny fambolena ireo zavamaniry fanao fanafody ary mitandro manokana ireo tsy fahita firy sy sarotra ambolena ka aparitaka ny zaridaina botanika iraisana amin’ny faritra rehetra eto amin’ny Firenena;

TENY MANAN-DANJA

(MOTS CLÉS)

- Mifampiankina amin’ny fisian’ny zava-manan’ aina hafa ny fiainantsika zanak’olombelona sy ny fahasalamantsika
- Samy manana ny andraikitra tandrify azy ny sehatra rehetra misy eto amin’ny firenena
- Adidiko, adidinao, adidintsika no miaro ny zava-manana aina hafa noho isika zava-manana aina ihany koa



- Alao hery ary ry havako fa aza mandrora mitsilany : andao isika hamondrona ny hery fa iankinan’ny fiainantsika sy ny hoavin’ny taranantsika ireo zava-manan’ aina toa antsika

MANKASITRAKA ANTSIKA REHETRA